Ho an'ny Katôlika eto Essonne

«*Samy omena ny fanomezana maneho ny Fanahy izy tsirairay avy, mba hahasoa ny be sy ny maro.* » I Kor 12, 7

Ry rahalahy sy anababy malalan'ny Tompo.

Ity sabotsy 8 ôktôbra 2022, alina mialoha ny faha 56 taona nitsingerenan'ny nanorenana ny diôsezy izao, no anambarako ampahibemaso ny soridalanan'ny sinôdantsika faha-4 **« *Eglizin'Andriamanitra izay eto Essonne mitory ny Evanjely sady mandray an-tanana* ».**

Niaina ny fotoanan'ireo asam-bondrona isika avy eo ny an'ny fivoriambe sinôdaly momba ny vontoatin'ny fanahiana mahakasika ny krizy ara-pahasalamana sy ara-tsôsialy ary ny fivakisana naterak'izany, ny krizy klimatika sy ny ady any Ukraine… Niainantsika ihany koa ny vontoatin'ny krizin'ny « herisetra ara-nofo » « abus sexuels » sy ny fanararaotam-pahefana ao amin'ny Eglizy. Ireo krizy ireo dia miantraika amin'ny fitokisantsika, ny fanantenantsika ary mety hahatonga antsika hikatona amin'ny tenantsika. Ny haizina sy ny hatrotrahana anaty dia mety andrahona antsika mpianatr'i Kristy, miantraika amin'ny fahavitrihantsika, mampitombo ny lolom-po ary mamery ny hafalin'ny Evanjely.

Ny antom-pisian'ny Eglizy sy ny maha mpianatr'i Kristy antsika izao, dia ny fiainana sy fampanjakana ny fanekempihavanan'Andriamanitra voatombo-kase ao amin'i Jesoa-Kristy miaraka amin'ny olona rehetra notiaviny. Toy ireo « saribakoly akany » « poupées gigognes » izay maneho mitovy amin'ny zava-misy amin'ny hahavo samihafa, ny Eglizin'i Kristy hatrany amin'ireo ankohonam-piangonana madinika mpirahalahiana mifanakaiky, hatramin'ny fiaina-manokana sy ny isam-pianakavian'ny tsirairay dia, araka ny voalazan'ny Kônsily Vatikana II, « *toa ny sakramenta, izany hoe ny famantarana sy ny fomba hiraisana akaiky amin'Andriamanitra sy ny maha iray ny taranak'olombelona.* » Ny famantarana izay mampiseho ny fiantombohan'ny fahatanterahana sy ny fomba izay manatanteraka ny tetikasan'Andriamanitra ho an'ny olombelona tiany.

Ny famantarana izay isika izao, dia miteny sy mikatroka raha mampiseho fifanarahan'ny zavatra lazaintsika sy amin'ny zavatra iainantsika.

« *Koa raha mba manana famporisihana ao amin'ny Kristy koa hianareo, na manana fanalana alahelo amin'ny fitiavana ihany, raha mba misy firaisam-po amam-panahy koa amintsika, ka mba misy fitserana amam-pangorahana ahy ihany aminareo, dia fenoy tanteraka ny hafaliako amin'ny firaisanareo saina, ka hiray fitiavana, hiray fo, hiray hevitra, tsy hanao na inona na inona amin'ny fifampiandaniana na filan-dera foana, fa samy hanetry tena sy hanao ny namany ho ambony noho ny tenany avy, samy tsy hihevitra ny azy ihany, fa ny an'ny namany koa. Manana saina amam-po hita ao amin'i Kristy Jesoa* » (Fil 2, 1-5).

Tsy hoe tsy misy antony akory hoe ao amin'ireo taratasy apôstôlika, i Paoly, Joany, Piera na i Jakôba no manitsy ombieny ombieny ireo ankohonam-piangonana krsistianina voalohany mba hanasa azy ireo hitazona « tanjona» « cap » sy hikatsaka indray ny firindran'ny Vaovao mahafaly. (ohatra I Kor 3-9 ; Jk 2, 1 ; Jo 4, 20-21).

Toan'ireo ankohonam-pingonana kristianina voalohany, fantatsika ny elanelana eo amin'ny antson'i Kristy sy ny fiainantsika izany, eo amin'ny iriantsika hiainana tokoa sy ny iainantsika. Ireo elanelana ireo dia avy amin'ny anton-javatra maro. Ao ny fandavantsika, ny fikatonantsika manoloana ny antson'ny Evanjely, ireo fiolonolonana, raha lazaina amin'ny teny iray dia ny fahotana. Eo ihany koa ny elanelana mifandraika amin'ireo fetrantsika, ireo fahantrantsika, ireo fahalementsika, satria ilay raki-tsarobidy dia i Kristy izay entintsika ao amin'ilay siny tanimanga (II Kor 4, 7). Eo ihany koa ireo elanelana mifandraika amin'ny hoe mbola tsy tonga amin'ny tanjona isika, mbola an-dalana.

Mba hikatsahana indray ny tanjon'ny Evanjely izay ampahatsiahivin'i Paoly ireo ankohonam-piangonana naoriny. Raha manasa ny hiorenana tsara izy (Fil 4, 1 ; Rm 12), mba androsoana eny an-dalana mbola ho diavina, raha manasa ny hiarovana (Rm 5, 2-3 ; 15, 5) sy hiadiana ny ady tsara (Ef 6, 10-20), dia satria ny apôstôly Paoly dia mahalala ihany koa manaiky ny finoana mavitrik'ireo ankohonam-piangonana vao misandratra sy mbola osa. Tsy mitsahatra ny manandratra fisaorana izy noho ny asan'Andriamanitra mikatroka eo amin'izy ireo. Resy lahatra i Paoly fa izay natombok'Andriamanitra ao amin'izy ireo, dia ho tohizan'Andriamanitra mandra-pahatanterany (Fil 1, 1-11 ; II Kor 3, 3). Ary isika koa, manana izany fijery izany ve isika amin'ny ankohonam-piangonantsika ?

Rehefa madefa ny mpianany hamita iraka i Jesoa, alefany hilaza izay nolazainy sy hanao izay nataony (Lk 9, 1-10 ; Lk 10, 1-24). Nitsangan-ko velona, nomeny azy ireo ny Fanahy Masina izay nandefa azy ireo toa ny nandefasan'i Jesoa azy koa (Jo 20, 21-22). Mba hiainantsika ankehitriny ihany koa ny iraka « mission » ny Eglizy, miainga mandrakariva ao amin'i Kristy ilay Tompon'ny fiainantsika isika :

- **Miainga indray ao amin'i Kristy** amin'ny alalan'ny fizàrana samirery na amin'ny vondrona madinika amin'ny bokin'ny Soratra Masina izay mitondra ny ako an-tsoratry ny tenim-paneken'Andriamanitra dia i Jesoa Kristy ;

- **Miainga indray ao amin'i Kristy** mba hihaino azy, hiresaka aminy ary miaraka aminy mivavaka amin'ny Ray.

- **Miainga indray amin'i Kristy** sady mivelona amin'ilay aina nomeny, natolony antsika mba hampandrosoany antsika isan'andro isan'andro hahatonga ny fiainantsika ho fiainana atolotra, fiainana mitia.

- **Miainga indray amin'i Kristy** mba hikolokolo izay nomen'Andriamanitra antsika, ny fiainantsika sy ny an'ny rahalahy sy anabavintsika ao amin'ny maha olombelona, hikoloana ny fitambaran'ny voaary, isika izao ao anatiny sy izay trano iombonanantsika « maison commune » malemy sy marary.

Tsy mahagaga raha ireo sosokevitra, ireo adihevitra, ireo tolo-kevitr'ireo fotoam-pivorian'ny synôda dia miompana amin'ny asa telo lehibe, anjara raharaha telo lehibe izay tokony ho hitantsika amin'ny tranga eny amin'ny fiainana sy amin'ny iraka « mission » an'ny Eglizy sy ny ankohonam-piangonantsika isan-tokony. Ireo asa telo ireo dia tsy hisafidianana na dia tsy isika rehetra aza no nanaiky hikatroka amin'ny fomba mitovy. Raha misy banga iray ireo, sampona ny fiainantsika. Mora foana ho antsika ny mijoro amin'ny teboka hifotorana telo noho ny amin'ny iray na roa.

Ny batemintsika dia mampanako ny fanasana ho Mpaminany, Mpanjaka sy Mpisorona. Fanasana mba hiaina ny asam-panambarana sy fijoroana ho vavolom-belona (marturia) , ny asa soa (diaconia), ny asam-piderana sy ny fahasoavan'Andriamanitra ( liturgia).

- **Ny asa fanompoana fijoroana vavolom-belona sy fanambarana** an'Ilay mampiaina antsika, satria Izy no Tompon'ny aintsika, sy ihany koa, ireo olo-maminareo, ireo zanakareo… Mikatsaka ny hanome sy hizara ny rehetra mety hahafan'izy ireo miaina ianareo, manabe azy, haha tafitany amin'ny fiainana amin'ny fanomezanareo ny tsara indrindra avy aminareo ; moa tsy ny Tompo sy ny Evanjeliny va izany raki-tsarobidy izany (2 Co 4, 6) izay iriantsika ho zaraina satria mapiaina antsika, satria afaka mampiaina amin'ny fanomezana hanandrana fa tian'Andriamanitra isika. Tsy tery vay manta anefa na amin'ny fomba mivatravatra ; fa amin'ny fanasana hizara, hizaha ilay hitatsika fa lalana sy fahamarinana eo amin'ny fiainantsika. Izany zaham-piainana lehibe mahafinaritra izay iainantsika amin'ny maha mpianatra-misiônera izany, tsy manoloana ny ankizy ihany fa ireo mialasakana sy ireo tanora efa matotra ihany koa eto amin'ny departemanta izay manodidina ny atsasaky ny mponina dia latsaky ny 30 taona (Decret 4 à 8).

- **Ny asa fanompoana fanaovan-tsoa, firaisan-kina, fitiavana tsy mila tambiny** amin'ireo mpiara-belona amintsika sy, singanina manokana, ireo voahilikilika sy an-jorombala amin'ny endriny maro samihafa eny amin'ny fiarahamonina eny. Ireny madinika ireny, ireny mahantra ireny, ireo mpitokatena sy kamboty, ireny marary ireny, ireo mpivahiny, ireny mpanota izay resahin'ny Soratra Masina matetika. Ny fiahiana anome toerana hitoetra ho an'ireo rehetra voalazako ireo, na ao amin'ny fiarahamonina misy antsika na ao amin'ny ankohonam-piainantsika, dia finiavan'ny Evanjely. (Decrets 13 à 20) Firifiry tokoa moa ny fandavan-tena an'ireo ankohonam-piangonana (communautés) teto Essonne, ireo asam-panompoana, ireo hetsika sy ireo fikambanana izany tohizan'ireo kristianina izay tsy mipi-maso manoloana ny tsy fahatomombanan'ny fon'ny olona toy ny an'ny fiarahamonina misy antsika. Izany tsy fahatomombanana izany dia maharary ny olona tiavin'Andriamanitra. Io fifantohana amin'ny resaka sôsialy io dia tsy azo hiodivirana ihany koa amin'izao androntsika izao, ny resaka tontolo iainana koa manery antsika. Ny vanim-potoana mafana izay nolalovantsika dia nanaitra antsika tsy amin'ny zava-mitranga ihany fa amin'ny fahamehana amin'ny fikatrohana manoloana ny fikorontanan'ny toetrandro izay mianjady amin'ireo madinika sy mahandra indrindra, izay voatery manao fifindra-monina, mampitebiteby tokoa ireo taranaka ankehitriny (Decrets 21 à 27)

- **Ny asa fanompoana fandraisana ny fahasoavan'Andriamanitrta, ny fiderana an'Andriamanitra,** singanina manokana ny fiangonana alahady, ny fankalazana ireo sakramenta, ny vavaka samirery sy iombonana. Antoky ny aina tsotra izao, ho an'ny tsirairay sy ho an'ny ankohonam-piangonan-tsika, mba tsy ho torovan'ny asa izay voalazako teo na mba tsy hampalazo antsika toy ny vatoaratra mandeha amin'ny herinaratra ampiasaina foana kanefa tsy fahanana mihitsy. Eny, anton'aina ny fahalalana mandray avy amin'ny Hafa, mandray avy amin'ny Ray, avy amin'ny Zanaka sy avy amin'ny Fanahy. Izany no dika sy tanterahin'ny : fihainoana ny Tenin'Andriamanitra, ny fankalazana ireo sakramenta, ny maha eo an'ireo nandray ny sakramentan'ny filaharana. Ny fiombonana amin'ireo samy ankohonam-piangonana kristianina eo amin'ny « sekitera » sy ao amin'ny « diôsezy » (Decrets 28 à 34). Izany olana rehetra izany koa no ilàna ny fitombon'ny ankohonam-piangonana madinika mpirahalahy ara-pinoana mba hifampizara ny Tenin'Andriamanitra hifanohanan'ny tsirairay eo ampamakivakiana ny zaham-piainana (aventure) maha olona sy maha mpianatr'i Kristy ( Décrets 35 à 38)

Amin'ireo asam-panompoana telo ireo no ansan'ny Batemintsika. Amin'ireo asam-panompoana telo ireo no tokony hikatrohan'ny ankohonam-piangonana sy ny zava-misy

marina amin'ny fiainam-piangonana. Haiko tsara fa tsy afaka hanao ny zava-drehetra, saingy samy mandray ny manandrify azy avy. Tokony amin'ireo asa fanompoana telo ireo no ampifanarahana ny fikatrohana sy ny andraikitra, ny manam-pahefana sy ny fitantanan-draharaha ao amin'ireo ankohonam-piainana (Decrets 1 à 3 et 39-44.)
Ny kalitao sy ny fahamarinan'ny fifandraisana ao amin'ireo asa fanompoana telo ireo ihany koa no tokony hanohizantsika ny asa hahatonga ny Eglizintsika sy ireo ankohonam-piangonany ary ireo fikambanana ho trano azo antoka (Decrets 9 à 12)
Ny dingana arahin'ny sinôdantsika dia mitohy amin'ny fampiharana, amin'ny alalan'ny sehatra sokafana amin'ny fandaminana tena tsara ny Eglizintsika eto amin'ny diôsezy, amin'ny alalan'ny fandraisana ny hery manentana izay homen'ny sinôda rômanina eo amin'ny sinôdalite amin'ny 2023.
Namakivaky ny fizotry ny sinôda dia nivavaka tamin'ny Tompo isika : « Eo am-pihainoana izay lazain'ny Fanahy amin'ny vahoakanao eto Essonne, ampio izahay hamantatra, hanamafy, hifidy ary hamorona lalana hizoran'ny Eglizy diôsezianina amin'ireo taona hoavy ».

**Izaho dia manasa anareo** isam-pianakaviana, isaky ny ekipa mpanentana (équipe animatrice), ny ekipa pastôraly, isaky ny asa fanompoana, any amin'ny filankevitra samihafa… mba hamaky, hivavaka sy hikaroka hoe ahoana no hanombohana ny fampiharana ireo didy hitsivolan'ny sinôda mba « *hifampikolokoloan'ny tsirairay toa ny ataon'Andriamanitra tia antsika* ».

**Izaho dia manasa anareo** haniry izany sy hangataka izany toy ny fahasoavana ihany koa. « *Tompo rehefa mihaona amin'ny rahalahiko aho, mba hifanojo amin'ny fijeriny anie ny ahy, mba hitoetra ao amin'ny fahazavanao ny fitsarako, ô omeo ahy ny masonao, ny fonao, ireo tananao...* » Angataho amin'i Kristy, ilay Tompon'ny ainantsika, ny hahalala mihaino toa Azy ireo tsy ampy eo amin'ny fiainana tena andrasan'ireo mpiara-belona amintsika eto amin'ny tanin'i Essonne ; jereo sy diniho amin'ny fo manantena ho an'ny rehetra ny zava-mitranga satria ny Tompo dia manatrika eo ihany koa.

**Izaho dia manasa anareo,** satria mpikambana ao amin'ny vahoaka mpirahalahy sy mpirahavavy ianareo, ny vahoakan'Andriamanitra, rantsam-batana, ny vatan'i Kristy, mba handray ny anjaranareo amin'ny asa fanompoana ao amin'ny fampiharana ny fitarihan'ny sinôda ho soa ho an'ny rehetra.

« *Ampio aho Tompo mba hahita tsaratsara kokoa hatrany sy isanandro isanandro ny toerana izay tianao hikatrohako ao amin'ny vahoakan'ireo mpianatrao ho an'ny fahasambarana ho an'ny rehetra* » Ampahany avy amin'ny vavaky ny olontsambatra Marcel Callo (1921-1945) izay natolotra anireo nandray ny fankaherezana teto amin'ny diôsezy.

Soavadia isika rehetra eo ampanarahan-dia an'i Kristy Jesoa ao amin'ny ain'ny Fanahy sy eo ambany fiahian'i Reny Malala.

Ampirahalahiana.

+ Michel Pansard

Evekan'i Evry-Corbeil-Essonnes.